



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-63

TATITRA MIKASIKA NY FANDAHARANASA NATAON'ANDRIAMATOA ISANY:

- PRAIMINISITRA LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA;
- MINISITRY NY FIAROVAM-PIRENENA;
- MPITAHIRY NY KASEM-PANJAKANA, MINISITRY NY FITSARANA;
- MINISITRY NY FILAMINAM-BAHOAKA;
- SEKRETERAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY MINISITERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA

Fivoriana faha-9  
Natao ny  
Alakamisy 28 Mey 2020  
- Maraina -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne  
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**FOTOANA:** Alakamisy 28 Mey 2020 tamin'ny 10 ora sy 45 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Tatitra mikasika ny fandaharanasa nataon'Andriamatoa isany:

- Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;
- Ministry ny Fiarovam-pirenena;
- Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Ministry ny Fitsarana;
- Ministry ny Filaminam-bahoaka;
- Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena Miadidy ny Zandarimariam-pirenena.

Nitohy ny Alakamisy 28 Mey 2020 tamin'ny 10 ora sy 45 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anaran'ny Solombavambahoaka tonga manatrika ny fivoriana.

Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, voafidy tao Antsiranana no nanatanteraka izany. Samy nanonona ny Anarany sy ny laharany ny Solombavambahoaka ho mari-pahatongavana.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, izay miompana amin'ny tatitry ny asa vitan'ny Governemanta momba ny fandaharanasany ary ny famaliana ireo fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka tamin'ny Talata faha-26 Mey 2020 lasa teo.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta hanatanteraka izany:

- Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;
- Andriamatoa RAKOTONIRINA Léon Jean Richard, Ministry Fiarovam-pirenena;
- Andriamatoa ANDRIAMAHEFARIVO Johnny Richard, Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Ministry ny Fitsarana;
- Andriamatoa RAFANOMEZANTSOA, Ministry ny Filaminam-bahoaka;
- Andriamatoa RAVALOMANANA Richard, Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena Miadidy ny Zandariamam-pirenena.

Rehefa izany, niangavy ny Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-169 andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne, hatrany no nanatontosa izany, izay mivaky toy izao: Andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Isaky ny fiandohan'ny fivoriana ara-potoana voalohany no anoloran'ny Governemanta amin'ny Antenimierampirenena ny tatitra momba ny fanatanterahana ny fandaharanasany.

Arahina adihevitra mahakasika ny asan'ny Governemanta sy ny fanombanana ny politikampanjakana ny fanolorana.

Andininy faha-169 ao amin'ny Fitisipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena: Araka ny andininy faha-102 andalana faha-2 ao amin'ny Lalàmpanorenana, fivoriana iray isaky ny dimy ambin'ny fola andro farafahakeliny, ka anatin'izany ny fivoriana atao mandritra ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana, no atokana ho an'ny fanontanian'ireo Solombavambahoaka sy ny valiny avy amin'ny Governemanta. Izany fivoriana izany dia alefa mivantana amin'ny alalan'ny haino aman-jerim-panjakana.

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, fa tokony hovahana ny lalana mandeha atỳ Ivato satria maro ireo Solombavambahoaka tehanatrika izao fivoriana izao saingy tsy afa-manoatra noho ny fitohanan'ny fiara.

Niangavy ny tomponandraikitra voakasik'izany avy hatrany, Ramatoa Filoha, hanome baiko ny olony mba handefa ireo Solombavambahoaka mba hahafahany manatrika izao fivoriana izao.

Rehefa izany, nanome toromarika ny Solombavambahoaka sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, Ramatoa Filoha, amin'ny fomba fiasa: omena 15 minitra avy ny Praiminisitra sy ny Minisitra voakasika mba hitondrany ny tatitry ny fandaharanasany ary 15 minitra hafa indray hamaliany ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka tamin'ny Talata faha-26 Mey 2020, farany teo. Nambarany ihany koa, fa 5 minitra no fe-potoana ho an'ireo Solombavambahoaka hametrahan'izy ireo fanontaniana mikasika ny tatitra ataon'ny Governemanta. Nanamarika, Ramatoa Filoha, fa raha toa misy fanontaniana tsy voavaly ao anatin'ireo fotoana ireo dia hovalian'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta rehefa afaka herinandro izany.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, an'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, ny fitenenana hitondrany ny tatitra sy ny valim-panontanian'ireo Solombavambahoaka napetraka taminy.

Nambaran'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, fa fanajana ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana no hitondrany izao tatitra mikasika ny fandaharanasan'ny Governemanta izao.

Teo amboalohany, araka ny fanapahana nataon'ny Solombavambahoaka, mbola hiverina ny tenany sy ireo Minisitra rehetra miisa 24 mianadahy mandrafitra ny Governemanta amin'ny Talata 9 Jona 2020 ho avy izao, hitondrany amin'ny antsipiriany ny tatitry ny asa vitan'izy ireo.

Rehefa izany, nambarany fa efa nentina teto anivon'ny Antenimierampirenena ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana tamin'ny faha-16 Aogositra 2019, izay ahitana ny lalan-kizorana rehetra amin'izao fitondrana izao. Toy izany, ny fanatsarana ny lafiny fitantanana ankapobeny, ny ara-tsosialy, ny ara-toekarena, indrindra ny fampandrosoana momba ny tontolo iainana. Noho izany, mila fomba fijery mahitsy sy fahamatoranana isika, indrindra ny ady atao amin'ny kolikoly mba hampiharana ny tany tan-dalàna eto Madagasikara.

Niainga tamin'ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika tamin'ny taona 2018 izany, nolanian'ny vahoaka Malagasy izy ary napetraka tamin'ny faha-19 Janoary 2019 tamin'ny fomba ofisialy.

Noho izany, hapetraka isaky ny Distrika miisa 119 ny fivelarana sy ny fampandrosoana an'i Madagasikara na eo aza ny fahamehana ara-pahasalamana misy eto amintsika amin'izao fotoana izao. Tafiditra ao anatin'izany ny fametrahana ny rafitra sy fototra ankapobeny, indrindra ny fisian'ny vavan'asa samihafa, ka mibahan-toerana ny fahasalamana, ny fampidirana rano fisotro madio, ny fanabeazana sy ny fampianarana ambony, ny lalana, ny angovo, ny teknolojia ara-telefaonina ary ny fotodrafitrasa samihafa.

Noho izay lafiny fahamehana ara-pahasalamana izay, mbola tsy tonga eto anatrehantsika ny LFR na "Loi de Finances Rectificative" taona 2020; na izany aza, manome fankaherezana anareo izahay fa hanao fandinihana lalina sy hijery ny pitsopitsony rehetra mikasika an'io volavolan-dalàna io satria vao omaly tao anatin'ny Filankevitry ny Minisitry dia mbola izany ihany no adihevitra natao tao.

Hitondra fanampim-panazavana momba ny "Plan Emergence de Madagascar", taona 2019 hatramin'ny taona 2023 eto aminareo ihany koa ny tenako na misy milaza hoe "Plan de Médication" ve no hatao, ao koa ny manontany hoe: aiza ny "Plan de Relance Economique". Ambara aminareo, fa efa voavolavola io "Plan Emergence de Madagascar" io, ka Andriamatoa Filohan'ny Repoblika no hitarika sy hitady ny fomba rehetra hahatafavoaka izany amin'ny fomba ofisialy na eo aza ny ady atao amin'ny valan'aretina "Covid-19". Voatery hanova ny andininy sasantsany ao anatin'io LFR io isika satria miova arak'izany koa ny "cadrage budgétaire". Fantatsika fa raha ny "Loi de Finances Initiale" taona 2020 no jerena, tokony hiakatra ho 5% ny harin-karena faobe. Ankehitriny anefa lasa latsaka 3% izany noho ny fidinan'ny toekarena eran-tany na ny "recession de l'économie mondiale". Niainga avy amin'ny lesona noho ny fisian'ny krizy ara-ekonomika sy ara-politika tamin'ny taona 2008 isika eto Madagasikara, ka hametraka ny "stabilité monétaire et stabilité financière" ary hanitsy izany.

Hametraka ny "Plan Multisectoriel d'Urgence" ao anatin'ny fotoana fohy ihany koa ny Governemanta hiatrehana ny olana ara-toekarena sy ara-tsosialy misy eto amintsika. Noho izany, tsy "Plan d'Urgence" fotsiny ihany no hatrehantsika, fa eo koa ny lafiny ara-tsosialy sy ny lafiny ara-toekarena amin'izao fahamehana ara-pahasalamana misy eto amintsika izao.

Tsy hadino ihany koa ny "Plan de Relance" izay tsy miompana amin'ny lafiny ara-toekarena fotsiny ihany, fa ahitana ny "Plan Multisectoriel de Relance" sy ny "Plan Multisectoriel d'Urgence", ka hidirantsika lalina izany rehefa voafehy ny fahamehana ary atao misandrahaka amin'ny lafiny sosialy sy ny tontolo iainana. Ambara aminareo etoana, fa tsy misy izany "Plan de Médication" sy "Plan Sectoriel de Relance" izany.

larahantsika mahalala fa mihena ny fidiram-bolam-panjakana vokatry ny valan'aretina misy manerana izao tontolo izao, ka tsy maintsy mifanatonana amin'ireo sehatra tsy miankina isika. Noho izany, naka fepetra maro samihafa isika mba hanalefahana ny fandoavana ny hetra sy ny haba, ny vola any amin'ny CNaPS sy ny JIRAMA, indrindra ny fanatonana ny "Association Professionnelle des Banques" mba hanalefaka ny fandoavan'ny orinasa madinika ny vola any amin'izy ireo.

Ireo krizy nitranga teto amintsika izay nahatonga ny fiakaran'ny vidim-piainana; na izany aza, atao ny ezaka hitazonana izany ho 7% araka ny voalaza ao anatin'ny "Loi de Finances Initiale 2020".

Hanao ezaka ny Governemanata hifehy izay fiakaran'ny vidim-piainana izay mba hialana amin'ny fahoriana ho an'ny rehetra amin'ny fiakaran'ny vidin'ny zavatra ilaina amin'ny fiainana andavan'andro na ny PPN sy ny solika izany.

Raha mikasika io solika io manokana, efa midina ny vidin'izany maneran-tany, saingy tsy midina kosa izany eto amintsika satria tsara ho fantatsika fa tamin'ny taona 2019 nandraisin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika ny fitondrana dia vola mitentina 170 Miliara Ariary no "passif" na ny vola tokony haloan'ny Fanjakana amin'ireo orinasa tsy miankina mandraharaha momba ny solika.

Nambaran'Andriamatoa Praiminisitra, fa tokony hotazonina ny vidin'ny solika eto amintsika ary toy izao ny fiakarana teo aloha: 500 Ariary ho an'ny "petrole", 150 Ariary ny lasantsy raha toa 100 Ariary ny "gasoil". Mba tsy hisian'ny fatiantoka ho antsika, tsy maintsy manao ezaka hisian'ny "stabilité" amin'izany koa isika. Goavana io ary mbola nitohy hatramin'ity taona 2020 ity satria mahatratra any amin'ny 100 Miliara Ariary io "passif" io. Tsy maintsy atrehana izany satria manaraka ny "prix à la pompe" sy ny "prix de référence" isika; na izany aza, ho voafehintsika io amin'ny volana Aogositra ka hatramin'ny volana Oktobra 2020 any ho any.

Nisy fifampiresahana nataon'Andriamatoa Filoha, tamin'ireo mpandraharaha amin'ny resaka solika tamin'ny volan Jona 2019 hitazonana ny vidin'ny solika ary hitantsika fa voatazona izany hatramin'izao. Izany hoe tsy nisy fiakarana. Marihana fa mbola mitohy io fandoavana io «passif» io hatramin'izao ary raha tamin'ny taona 2018, 250 Miliara Ariary no tokony ho naloantsika.

Amin'izao fotoana izao, lasa 120 Miliara Ariary io "passif" io ary ny elanelan'ny "prix à la pompe" sy ny "prix de référence" no antony andoavantsika io vola io. Tsy maintsy mijery ny ho avy isika, ka izay no itazonana ny tsy ampandinana ny vidin'ny solika amin'izao fotoana izao satria mbola misy trosa tsy maintsy aloantsika. Mety ho vita amin'ny volana Septambra na Oktobra 2020 ho avy izao ireo vola ireo.

Nambaran'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, fa maro ireo fanontaniana nipetraka tamin'ny faha-26 Mey 2020 teo, izay tsy ho voavalay amin'ity fihaonana ity, hovaliana amin'ny faha-9 Jona 2020 avokoa izany mba hijerena ny hetahetan'ny Solombavambahoaka rehetra.

Nohamafisiny hatrany, fa fotoana hanatanterahana ny fanamby napetraky ny Filoha Andry RAJOELINA, izao ka tsy maintsy misy ny fampandrosoana ny Distrika rehetra amin'izay mba ho tafapetraka soa aman-tsara ny hambom-pom-pirenena.

Fisaorana ny rehetra no nataon'Andriamatoa Praiminisitra, teo ampamaranana ny teniny.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, an'Andriamatoa RAKOTONIRINA Richard Léon Jean, Ministry ny Fiarovam-pirenena ny fitenenana, hitondrany ny tatitra momba ny fandaharanasan'ny Minisitera tantanany.

Nambarany fa maro ireo korontana sy fifamonoana nitranga teto amintsika, ka niteraka tsy fahatokisan'ny vahoaka azy ireo intsony. Noho izany, nampanantena izy fa tsy maintsy atao ny ezaka rehetra isaky ny faritra mena manerana ny Distrika eto Madagasikara, indrindra ireo tena anjakan'ny tsy fahandriampahalemana na an-tanety izany na an-dranomasina. Tsy maintsy apetraka koa ny BOA na ny "Base Opérationnelle Avancée" mba ahafahana manaramaso ny sisin-dranomasina hifehezana ireo mpanondrana ny harena antsokosoko. Tsy maty akory ny "opération coup de point", fa miasa mangina ary manao ny ezaka rehetra hamongorana ny asan-dahalo manerana ny Nosy.

Nambarany hatrany, fa maro ireo asa vita tamin'ny taona 2019 hatramin'ity taona 2020 ity, raha tsy hiteny afa-tsy ny fanamafisana ny fahandriampahalemana sy ny fanamboarana fotodrafitrasa ho an'ny mpitandrofilaminana, toy ny tany lakora, Ambalakin-dresy, Vondrozo, Farafangana ary Maevatanana. Tao ihany koa ny fanoloana ireo BOA na ny "Base Opérationnelle Avancée" hanatrarana ny tanjona kendrena.

Tao anatin'izay rehetra izay, nisy ny vokatra tamin'ny ezaka natao, tahaka izany ny nahazoana sambo-belona ireo dahalo, nisy koa ireo voatifitra ka maty. Teo ihany koa ny fisamborana ireo mpangalatra ny harena an-dranomasina. Maro ny basy tratra sy ny omby tafaverina amin'ny tompony. Famotehana ireo zava-mahadomelina tratra ary fanafoanana tanteraka ireo kizo fieren'ny dahalo manerana ny Distrika tena nahitana izany.

Toy izao raha faritana ny vokatra amin'ny fandriana fahalemana; miisa 846 ireo basy vita gasy nopotehana. Nisy koa ireo fahazoan-dalana hitazona basy ara-dalàna sy voamarina ary 5 233 no isan'ny "pistolets" sy "revolvers", miisa 70 357 kosa basim-borona voamarina any amin'ny olona mitazona izany.

Nisy ny fampiasam-bola nataon'ny Minisitera izay nividianana fiara mifono vù miisa 40, fiara tsy mataho-dalana miisa 106, fiara vaventy tsy mataho-dalana miisa 4, "motos" miisa 17 ary fiaramanidina miisa 9: "CASA" iray, 5 CESSNA, 3 "Hélicoptères".

Raha mikasika ny fotodrafitrasa indray, nisy ny fanorenana toby maromaro toy ny BOA na ny "Base Opérationnelle Avancée" miisa dimy, tany Tsaratanàna, Morafenobe, Ambatofinandrahana, lakora sy Ankilizato. Nisy ny fametrahana DSS na ny "Détachement Spécial de Sécurité" miisa efatra, tany Vondrozo, Befotaka, Amboasary Atsimo sy Ambalakin-dresy. Torak'izay ny DM na ny "Détachement Mobile" miisa telo, tany Maevatanana sy Mananjary ary Farafangana. Tsy latsa-danja amin'izany ny an'ireo tafika an-dranomasina sy ny tafika an-tanety.

Nambarany, koa fa tsy mandeha irery izy ireo; misy ny fiaraha-miasa amin'ny Polisy sy ny Zandary mba hanatanterahana ny vina sy fampanantenana nataon'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika.

Manampy amin'ny lafiny ara-tsosialy ihany koa ny Fiarovam-pirenena, toy ny fanampiana ireo olona tratry ny loza voajanahary, ka nampiasana ireo fitaovana rehetra teo am-pelantànana, toy ny angidimbỳ sy ny fiaramanidina. Tsy miasa irery ny ato amin'ny Fiarovam-pirenenana, fa manao ny ezaka rehetra momba ny ady atao amin'ny "covid-19" ary efa nametraka ireo "antennes médicales" manerana ny Faritra mety ahiahiana misy ny valan'aretina. Natao ny famendrahana ranom-panafody eny ankalamanjana sy tamin'ireo fiara fitaterana. Nisy koa ny fandefasana Miaramila miisa 1000 nizara ny CVO isan-tokantrano sy ny fanaparihana kojakoja ara-pahasalamana. Tao ny fanamboarana arotava miisa 40 000 tamin'ny "Usine Militaire" sy ny "Industrie du Vêtement Militaire".

Nilaza hatrany, Andriamatoa Minisitry, fa voaray avokoa ny fanontaniana rehetra napetraky ny Solombavambahoaka tamin'ny Talata faha-26 Mey 2020 lasa teo, ka hanao ny ezaka rehetra ny Minisitry mba hamongorana ny asan-dahalo misy eto amintsika. Nambarany fa iarahana amin'ny Minisitry ny Fitsarana ny fanenjehana ireo dahalo ambony latabatra sy ny mpanao "kidnapping" hialana amin'ny kolikoly mba hisian'ny fitoniana eo amin'ny vahoaka Malagasy.

Fisaorana no namaranany ny teniny, taorian'izay.

Rehefa izay, nomen-dRamatoa Filoha, an'Andriamatoa ANDRIAMAHEFARIVO Johnny Richard, Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana ny fitenenana.

Tao anatin'ny tatitra nataony no nilazany, fa nanao ezaka ny Minisitry iandraiketany hanatanterahana ny vina izay naroson'ny Filohampirenena ary hanao izay hahalavorary hatrany ny fahatokisana napetraky ny vahoaka tamin'izy ireo, indrindra ny ady amin'ny kolikoly, mba tsy hanimba ny endriky ny Fitsarana eto Madagasikara.

Nambarany fa miisa 21 ireo Solombavambahoaka nametraka fanontaniana tamin'ny fihaonana farany teo; miisa 7 kosa ireo nitoraka voninkazo ary miisa 3 no nanao fanankianana. Midika izany fa efa mihatsara ny fomba fiasa nandritra ny fotoana nandraisana ny andraikitra teo anivon'ny Minisitry.

Maro ireo ezaka sy asa natao niarahana tamin'ny mpiara-miasa na teo aza ny fihibohana misy eto amintsika izay nahatratra 70% any ho any. Nisy ny fanaovana "informatisation"-n'ny asa rehetra ho fametrahana ny «Principe et continuité du Service de l'Administration» hanatanterahana ny «traitement commercial» ho fandraisana ny antontataratsin'ny olona manomboka amin'ny Mpirakidrahara mankany amin'ny Mpitsara ary ny fotoana hitsarana azy, eny fa na ny fandehan'izany any amin'ny "Cour d'Appel" hatrany amin'ny "Cour de Cassation".

Tsy nipetra-potsiny izahay, fa efa vita ny rijan-teny mikasika ny VBG na ny "Violence Basée sur les Genres" izay nolanian'ny Antenimierampirenena. Nanomboka tamin'ny faha-16 Janoary 2020 lasa teo no nampiharana izany.

Betsaka koa ireo nanontany momba ny fandehan'ny ENMG na ny «Ecole Nationale de Magistrature et des Grêffes» satria niteraka olana teto amintsika tokoa ny mikasika ny "concours" teo anivon'ny Fitsarana ary tsy ho tafavoaka izany amin'izao fotoana izao noho ny fisian'ny "coronavirus"; na izany aza, hisy ny ezaka hatao amin'ny faran'ity taona ity hamoahana ny rijan-teny momba izany. Amin'izany no hametrahana ny lamina manokana momba izany. Tsy maintsy apetraka ihany koa ny fanofanana ny olona miandraikitra ny "Administration" sy ny "Agent Pénitentiaire" izay hiasa eto amin'ny tany sy ny Fanjakana.

Tsy maintsy miandry ny rijan-teny mikasika ny SAMIFIN isika, izay sehatra iray miady amin'ny famotsiam-bola satria betsaka ireo mbola minia manao izany eto amintsika. Hatao ny ezaka rehetra mba hialana amin'izany ka amin'ny faran'ity taona ity no eritreretinay hahavitana azy.

Raha mikasika ny "cybercriminalité" sy ny fanalam-baraka mitranga any anaty «facebook», hadino ny momba azy ireny ary tsy natao mihitsy. Mbola tsy azo enjehina ny olona manao izany satria tsy misy ny rijan-teny mikasika izany. Vao haingana no nodinihana ny "avant projet de loi modifiant et complétant certaines dispositions du code pénal relatif à l'injure et à la diffamation". Efa nandalo "première lecture" tany amin'ny Filankevitry ny Governemanta izany ka nisy ny fanamboarana natao ary tsy ho ela dia ho tonga aty amin'ny Antenimierampirenena izany, amin'ny maha Fahefana Mpanao lalàna anareo.

Eo amin'ny "vulgarisation juridique", tsy mitsahatra ny Fitsarana manome fanazavana ny olona amin'ny alalan'ny "accueil" ahafantarany ny lalana alehany sy manoro ny pitsopitsony momba ny lalàna; manana izay koa ny Mpisolovava. Noho izany, misy ny fandaharana manokana atolotry ny Fitsarana mikasika ny zo sy lalàna mandeha ao amin'ny RNM isaky ny Atsinainy amin'ny 8 ora, alina, ampahafantarana bebe kokoa ny olona mikasika ny zony sy ny lalàna ampiharina satria tsy hahay an'izany daholo ny olona.

Raha ny fiverenan'ny hasin'ny Fitsarana sy hisian'ny fahatokisan'ny vahoaka azy indray, efa nanao fivoriana niaraka tamin'ny "Chef de Département" manerana ny Nosy izahay tamin'ny faha-21 sy faha-22 Febroary 2020 lasa teo nampahafantarana ny "politique pénale" vaovao izay milaza, fa tsy maintsy asiana fanazavana ny famoahana am-ponja ho an'ireo olona voatazona ela kanefa tsy mbola notsaraina. Natao izany mba ahafahana manara-maso hoe nandeha tamin'ny rariny sy hitsiny tokoa ve izany famoahana izany no sady hialana ihany koa amin'ny kolikoly.

Rehefa namaly ny valim-panontanian'ny Solombavambahoaka, Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana dia nataony tamin'ny ankapobeny izany. Nambarany fa hodiovina tanteraka eo anivon'ny Fitsarana; hisy ny fiovàna ary tsy hitranga intsony ny lesoka rehetra nisy teo aloha.

Nambarany koa fa hatao ny ezaka rehetra hampidirana ny zavatra nangatahin'ny Solombavambahoaka ao anatin'ny LFR 2020 izay ho avy eto amin'ny Antenimierampirenena tsy ho ela na hita fa somary maivana ny Tetibolan'ny Minisitara. Hanaovana tetikasa mikasika ny Fitsarana avokoa manerana ny Distrika, hoy izy, raha bangoina.

Nohamafisiny tamin'izany, fa tsy maintsy atao izay fomba hitsarana ireo voaporofa fa nahavita heloka ary malalaka ny didy avoaka amin'izay fotoana izay satria tsy ekena ny fisian'ny fitsarana roa. Izany hoe, ny Fitsarana mahefa sy ny fitsaram-bahoaka.



Tsy maintsy Fitsarana tokana ihany no misy eto amin'ny tany sy ny Firenena. Mbola nanantitrantitra hatrany, Andriamatoa Minisitry, fa na iza na iza manao ny tsy mety dia mendrika hizaka ny sazy sahaza azy izy.

Hamafisina ihany koa ny fanamboarana fotodrafitrasa itoeran'ny voafonja mba tsy afahan'izy ireo mitsoaka ka ny "Police Judiciaire" sy ny "Pénitenciaire" no miara-miasa amin'izany.

Tsara ny fanaovana "jugement supplétif" kanefa tsy maintsy miaraka amin'ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana izany mba hampandeha ny raharaha antsakany sy andavany.

Hisy volavolan-dalàna hoentina eto anivon'ny Antenimierampirenena mikasika ny habibiana na "torture" amin'ny fivoriana ara-potoana faharoa, mba ahafahana manenjika ireo olona mpanao izany. Koa angatahana sahady ny handanianareo Solombambahoaka izany amin'izay fotoana izay.

Amin'izao fihibohana izao, tsy mahadiso ny Fitsarana ny fanaovana "expulsion" satria izay no antom-pisian'ny mpamoaka didy. Mbola ny didim-pitsarana aloha no navoaka hatreto mba hiarovana ny zon'olombelona.

Momba ny Dina indray, voafehin'ny lalàna laharana faha-2001-004 izy io ary tsy azo ampiarina aloha raha tsy mahazo "homologation". Marina tokoa, fa manampy anay ianareo amin'ny fisamborana ny dahalo saingy tsy azonareo atao ny mitazona ny mpanao heloka, fa tsy maintsy entina any amin'ny Fitsarana.

Mikasika ny "l'évée d'immunité Parlementaire" kosa, ny Mpitsara nianatra lalàna momba izany no mahalala ny "notion de fragrance" ka tsy tokony hisy famaritana hafa mikasika azy. Tsy mety raha sakantsakanana ny asan'ny Mpitsara satria tsy mahazo tombotsoa amin'ny fanagadrana Solombavambahoaka izy ireo; na izany aza, tsara raha samy mandeha amin'ny fahamarinana ny rehetra mba tsy hisian'ny mpihoa-pefy.

Fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra naharitra nihaino azy no namaranany ny teniny, taorian'ny famaliany ny fanontaniana nipetraka taminy.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, an'Andriamatoa RAFANOMEZANTSOA, Minisitry ny Filaminam-bahoaka ny fitenenana hitondrany ny tatitra momba ny fandaharanasany.

Nambarany fa maro ny zava-bita tamin'ny taon-dasa sy tamin'ity taona ity: toy ny fanomezana "Commissariat de Police" ho an'ireo toerana tsy nanana izany teo aloha, indrindra ireo any amin'ny faritra tena mamaivay, eo ihany koa ny fanamboarana sy fanatsarana ny simba tamin'ireo fotodrafitrasa ho an'izay efa manana.

Maro ireo fotodrafitrasa namboarina, toy ny tany amin'ny Faritra SOFIA, BETSIBOKA, BONGOLAVA, IHOROMBE, Atsimo ATSINANANA, ANOSY ary ANALANJIROFO izay hita fa tena faritra mena tokoa raha ny tsy fandriampahalemana no tenenina.

Nisy ny famatsiana fitaovana ho an'ny Mpitandrofilaminana hanamafisana ny fandriampahalemana mba hiarovana ny vahoaka sy ny fananany.

Nanome famindran-toerana ho an'izay nangataka izany, ka hita fa tsara fitondran-tena sy navitrika tamin'ny asa ary nanaraka antsakany sy andavany ny lalàna mifehy ny Polisim-pirenena.

Nohatsaraina ny fomba fiasan'ny Polisy; izany hoe, nampitomboina ireo miasa any anelakelan-trano mba ahafahan'ny vahoaka miaina am-pilaminana satria manjaka tokoa ny sitomahery amin'ireny toerana ireny.

Nisy fisafoana natao matetika teto andrenivohitra sy any ambanivohitra; ka nahatratra 35 600 izany fisafoana izany ary nahitam-bokany araka ny filàn'ny vahoaka, indrindra ny tsy fahazoana mivezivezy amin'ny alina.

Mikasika ny "sécurité routière", niisa 314 ireo fandikan-dalàna voaray, lozam-pifamoivoizana mahatratra 213 no voamarina, haitrano miisa 290 no niseho, "dossiers" mahatratra 47 no voaray mikasika ny kolikoly, ka ny 6 tamin'ireo efa vita fanadihadihana.

Misy koa ireo Polisy voarohirohy tamin'ny asa ratsy, ka mbola eo ampanaovana fanadihadihana izahay hatramin'izao.

Nahitana trangan'asan'jiolahy miisa 16 teto andrenivohitra; miisa 18 ireo olona voasambotra tamin'izany ary 15 kosa naiditra am-ponja vonjimaika. Maro ny tranga tsapa tamin'ny "infraction économique" izay voaray sy nahazoana fitarainana; teo ihany koa ny fikasana hanao heloka saingy tsy tanteraka izany.

Betsaka ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina nahazoana fitarainana. Misy ny efa vita fanadihadihana, ka rongony milanja 881Kg sy toaka gasy mahatratra 5 650 Litatra ary paraky gasy milanja 3 320Kg no nodorana.

Teo ihany koa ny fitarainana voaray momba ny VBG na ny "Violence Basée sur les Genres", ny «cybercriminalité», ny «traite des personnes» nanaovanay fanadihadihana ka nahitam-bokany daholo izany.

Nanaovana fanaraha-maso ny sisin-tany rehetra, ka teratany vahiny miisa 66 efa tonga teto no nalefa niverina any amin'ny tany misy azy ireo avy. Miisa 2 kosa ireo tsy nahazo niditra teto amintsika ary miisa 113 no nanaovana "examen de situation".

Efa vita tanteraka ny dingana voalohany tamin'ny fanadinana hidirana ho "agent de Police" saingy tsy mbola navoaka ny valiny noho izao fihibohana izao.

Mpitandrofilaminana miisa 273 no nahazo fiofanana, ka afaka mampihatra avy hatrany ny traikefa azony eny anivon'ny fiaraha-monina.

Nisy ny fanomezana "passeport" vaovao miisa 20 516; miisa 31 513 kosa no efa nahazo mialoha ary afaka mivoaka any ivelany rehefa tapitra izao fahamehana ara-pahasalamana izao.

Tamin'ny famaliana ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka, nambarany fa valiany amin'ny ankapobeny toy ny teo aloha no hataony, tahaka ny fangatahana "Commissariat de Police", fanampiana ny isan'ny olona, fampitomboana sy fampitaovana ary fanamboarana fotodrafitrasa ho an'ny Mpitandrofilaminana.

Nambarany fa tsy maintsy jerena akaiky ny momba ireo fangatahana rehetra ireo mba hisian'ny fandriampahalemana isaky ny Distrika.

Mikasika ny vono olona sy ny vaky trano ary ny fanendahana any anelakelan-trano dia hatao ny ezaka hampitomboana ny isan'ny Mpitandrofilaminana miandraikitra izany satria natao hiaro ny vahoaka sy ny fananany izy ireo.

Tsy maintsy apetraka ihany koa "cadrage"-n'ny tanàna, indrindra amin'ireny toerana tena "sensible" ireny, toy ny Banky sy ireo "cash point" izay ahenoana fanafihana matetika. Misy anefa no tsy nahavanona fanafihana noho ny fandrenesana mialoha ny tetika saika hataon'ireo olon-dratsy. Avy amin'ny olona tsara sitrapo no nahazoana vaovao ary marihana fa mijanona ho tsiambaratelo izany mba hiarovana ny ainy.

Hampitomboina ireo Polisy miandraikitra ny fifamoivoizana eto andrenivohitra mba hialana amin'ny fitohanan'ny fiara be loatra. Torak'izay koa any amin'ireny lalam-pirenena ireny, mba tsy hisian'ny sakantsakana ataon'ny dahalo amin'ireo fitateram-bahoaka.

Teo ampamaranana ny teniny, nilaza Andriamatoa Minisitry, fa tsy maintsy tohizana ny ezaka rehetra mba hampitsaharana tanteraka ny tsy fandriampahalemana eto amin'ny tany sy ny Firenena, indrindra ny andavan'androm-piainan'ny vahoaka sy ny fiarovana ny fananany.

Nankasitraka sy nanolotra fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra ny tenany naharitra nihaino azy tamin'ny tatitra nataony sy ny valim-panontaniana nomeny.

Rehefa izany, Andriamatoa RAVALOMANANA Richard, Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarimariam-pirenena no nomen-dRamatoa Filoha ny fitenenana hanolorany ny fandaharanasany.

Teo ampanombohana, nambarany fa tsy nipetra-potsiny izy ireo manoloana izao ady atao amin'ny "coronavirus" izao fa manampy sy manohana ny Fanjakana amin'ny fanentanana ny olona hanaja ny fepetra sy ny toromarika rehetra momba ity valan'aretina ity.

Fotoana tokony hifankatiavan'ny Malagasy tsy vakivolo sy ho fanehoana firahalahiana izao ka aleo tsy hisy intsony ny tsy maty voalavo an-kibo satria firenena iray ihany no iraisantsika dia i Madagasikara izany.

Noho izany, isaorana Andriamanitra tamin'ny nahatratrarantsika izao andro izao satria vanim-potoana sarotra no lalovantsika ankehitriny. Raha any ivelany no jerena, mahatratra an'arivony maro no maty isan'andro, isika eto Madagasikara anefa mbola nahazo fitahiana avy amin'Andriamanitra ka samy velon'aina daholo ary azo lazaina fa vitsy no lavon'izany valan'aretina izany hatramin'izao.

Tsy tokony hieritreritra zavatra ratsy isika manoloana izany, fa raisina amin'ny lafitsarany ny zava-mitranga satria manan-karena ny firenentsika ary mahay ny olona ao aminy raha oharina amin'ny firenena hafa.

Voasaratsaraka tamin'ny lafiny maro isika eto Madagasikara, ka izay no mahatonga ny olana betsaka misy eto amintsika. Noho izany, tokony hampiray antsika ity valan'aretina "covid-19" ity.

Nambarany taorian'izay, fa nisy Solombavambahoaka maromaro avy tamin'ny Distrika samihafa nanome fanampiana ny Zandarimaria, toy ny "caches bouches", "gel désinfectant", "bidons", rano fisotro madio, vary, vola, "motos", solika, tafo, "plaques solaires", "pièces détachées", "pneus" ho an'ny fiara, "ordinateurs complets", "imprimantes", "matelas", "armoires métalliques", "tables de bureau", trano hitobian'ny Zandary, "équipements sportifs", nanampy tamin'ny fanentanana fanamboarana ny CSAO. Tao koa ireo nanome kojakoja maro samihafa, mba hiarovana amin'ity valan'aretina "coronavirus" ity sy hanamafisana ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana.

Hotanisaina eto ireo Solombavambahoaka ireo satria afaka nifanome tanao tao anatin'ny sarotra;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- MBELO NDRIAMANAMPY Jean Germain Odo
- RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- RANDRIANANTENAINA Olivier Antonny José
- RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitota
- FIAROVANA Lovanirina Celestin
- RASOLONJATOVO Honoré
- RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges
- MAMANGY Norbert
- RAHELIHANTA Jocelyne
- ASSIMO Bruno
- RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André
- FELICIEN Randrianantenaina
- RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
- RAZAFINDRIANTSARA Jonhson Anatol
- TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or
- ANDRIANANDRASANA Norbert Marie Ignace
- MAMIHAJA Charlot
- FERNAND Jeannot
- MBADE Jeannine
- RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena
- VELOMAHAZO Patrice
- MAMIZARA Yasmirah Loeticia
- RAJAOBELINA Lova Herizo
- RAKOTONIRINA Augustin
- BERNANDO Germain
- MICHELLE Bavy Angelica

- RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary
- DINAH Romual
- RATSIRAKA Iarovovana Roland
- PEPIN Michou
- ZAFINANDRO Perle Bien Aimée
- RATSIMANDRIONA Aida Hardy
- ANGELE Solange
- HENRI Jean Michel
- RABEMANANTSOA Herilala Jeannot

Tsara ny mampahatsiahy izany mba tsy handiso fanantenana azy ireo ary fisaorana mitafotafo no atolotra satria tsy namela irery sy tsy nanadino ny Zandarimariam-pirenena ianareo amin'izao fotoan-tsarotra diavin'ny Firenena izao.

Araka ny andininy voalohany ao amin'ny «décret n°1963-253» tamin'ny 9 Mey 1963 dia natao hampihatra ny lalàna hitandro ny fandriampahalemana sy ny filaminana mba hiarovana ny Andrimpanjakana ary ny ain'ny vahoaka sy ny fananany ny Zandarimariam-pirenena.

Nambarany fa tsy maintsy ambara amin'ny Solombavambahoaka izany mba hialana amin'ny fifanomezan-tsiny rehefa manatanteraka ny asany izy ireo.

Maro ny ezaka vita satria nihena ny halatr'omby, nahatratra 15 931 ny omby very tamin'ny taona 2019 ary nidina ho 236 izany tamin'ity taona 2020 ity. Dahalo miisa 152 no maty voatifitra ary 504 no azo sambo-belona. Nisy ihany koa ireo basy tsy ara-dalàna tratra, "armes de guerre" miisa 56, «fusils de chasse» miisa 40 no tratra ary basy vita gasy miisa 967 ihany koa. Ny tsy fisian'ny «alternance démocratique» teto amintsika no nahatonga ireo basim-panjakana niparitaka satria tsy nisy ny "comptabilité" nataon'ny mpitondra nifandimby teto amin'ny Firenena.

Araka ny voalaza teo aloha tamin'ny didim-pitondrana, mitandro ny filaminana ny Zandary ary manolotra ny ainy ho an'ny Tanindrazana mihitsy aza. Noho izay asa izay, nisy ireo maty teo ampanatanterahana ny asany. Tamin'ny taona 2018, miisa 18 izany; ny taona 2019, miisa 9 no maty ary tamin'ity taona ity, hatramin'izao ora itenenana izao dia miisa 4 no lavo amperin'asa.

Maro ireo dahalo mpimasy na mampiasa ody gasy entiny manatanteraka ny asa ratsiny ka 19 isa no tratra, ny 11 tamin'ireo maty votifitra ary miisa 6 natao «mandat de dépôt»; miisa 2 no nahazo «liberté provisoire».

Nanao ezaka ny Zandarimaria mikasika ny «kidnapping» izay indroa isam-bolana no itrangan'izany eto amintsika. Nisy ny voasambotra; ohatra amin'izany ny nahatratrarana an'i Lama sady maty voatifitra. Torak'izay koa ny nahatratrarana ireo naka an-keriny zazalahy kely iray tany amin'ny Faritra Atsimo. Habibiana tokoa no nataon'izy ireo satria nesoriny ny voamason'io zazalahy kely io.

Mikasika ny kolikoly ataon'ny Zandary sasantsasany dia miisa 84 no naiditra am-ponja tamin'ny taona 2019 ary miisa 19 no hanaovana "poursuite" amin'ity taona 2020 ity. Hohitantsika miandalana ny mety ho tohin'izany.

Maro ireo faritra nananganana «Brigade»-n'ny Zandarimaria satria politika napetraky ny Fanjakana izany mba hanatanterahana ny vina napetraky ny Filohan'ny Repoblika momba ny fiarovana ny firenena sy ny mponina ao aminy.

Natao ihany koa ny «gestion stratégique de la sécurité» eto amintsika mba hametrahana ny Distrika rehetra ao anaty filaminana tsy misy rahoraho.

Somary manana olana kely izahay amin'ny "indemnité"-n'ireo manatanteraka ny asany any amin'ireny faritra mena ireny; na izany anefa hanao ny ezaka rehetra ny Zandarimariam-pirenena hamahana izany.

Tsy tokony hisy olana ihany koa ny famindran-toerana ireo Zandary efa ela niasana tamin'ny toerana iray; ohatra hoe, any amin'ny tany niaviany, fa raha tsy izany dia ny Fanjakana indray no miantoka ny «frais de déplacement» ho azy rehefa tonga ny fotoana hisotroany ronono.

Niangaviany ny Solombavambahoaka mba tsy hampiady ny samy Mpitandrofilaminana, na any amin'ny Fitsarana izany na any amin'ny "Autorité Civile" satria tsy mitondra soa ho antsika izany. Firaisan-kina sy fifanomezan-tànana no misy eo anivon'ny Governemanta, ka izay no nahatonga anay milaza amin'ireo Polisy, raha nisy tsy mety nataon'ny Zandary, manao hoe: aza kitihana ny olonay, fa nisy "protocole d'accord" tamin'ny taona 1969 milaza izany. Torak'izay koa, raha nisy Miaramila nahatratrarana bala tany aminy, tsy tokony hisy olana ny fisamborana azy raha tsy ara-dalàna izany saingy tsy kasihin-tànana izy.

Nambarany hatrany, fa tany tan-dalàna ny eto amintsika ary tsapa koa ny fisian'ny olon-kafa ao ambadiky ny fanavahana omby, fa tsy voatery hoe ny Tafika na ny DINABE ihany satria lasa endrikendrika be fotsiny ny fanaovana izany. Noho izay antony izay, tsy azontsika atao ny mitoroka ny olona mety tsy ho ao anatin'izany satria lasa fandikan-dalàna indray no misy amin'izay fotoana izay. Izany hoe, mivadika ireo olona tena tafiditra amin'ny fahaverezan'omby, ka ny tompon'omby indray no iharan'ny sazy.

Mikasika ny "immunité Parlementaire", efa mazava ny voalazan'ny Minisitry ny Fitsarana teo, ka tsy hidirana lalina intsony.

Nisy nilaza teo fa tsy tokony hampihorohoroana ny Solombavambahoaka. Tsy misy an'izany, fa matoa mihorohoro izy dia azo heverina fa dahalo ambony latabatra araka ny voalaza tany ambony. Raisina ohatra hoe, sanatria namono olona ny Solombavambahoaka iray na niray tsikombakomba tamin'ny mpangalatr'omby; tsy tokony havela amin'izao izany, fa natao ho an'ny rehetra ny lalàna. Mendrika hizaka ny sazy izay mandika izany mba tsy hisian'ny gaboraraka eto amin'ny tany sy ny Firenena.

Teto dia nanao satroka ny Solombavambaoka IDEALSON ary nomen-dRamatoa Fioha fitenenana, nambarany tamin'izany, fa tsy mendrika ny Solombavambahoaka ny fitenenana hoe: matoa mihoroho dia dahalo. Teny diso tsy mba kabary; aoka tsy hiverina intsony ny tahaka izany.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa Sekreteram-panjakana, hanohy ny tatitra.

Nambarany tamin'izany, fa manana kolotsaina politika izy saingy "opérationnelle" ary ny Zandary nanao fiananana sy fiofanana. Misy koa ny Zandary kanefa jiolahy. Tsy mbola niteny izahay hoe misy manompa Zandary ianareo. Zavatra mahitsy no teneninay, raha mandeha amin'ny fahamarinana isika, tsy tokony hiady.

Nisy Solombavambahoaka niteny sy nanankiana ahy sy ny Zandary; tsy teto izahay tamin'izany fa niaraka tamin'ny Filohampirenena namita iraka; diso fahavalo isika raha izahay sy ny Zandary no ataonareo fahavalo. Tsy mijery havana izahay rehefa mampihatra lalàna, amin'izao, 84 no Zandary migadra.

Momba ny "immunité parlementaire", "flagrant délit" no nitondrana ny zava-niseho tany Morombe iny raha ampahatsiahivina antsika. Nanaraka ny lalàna iny ary miaro ny Zandary nanao ny asany izahay. Nisy "sommation" natao ary nandeha tamin'ny haino aman-jery izany. Raha samy hanao "immunité", hiverina indray anie ny zava-niseho tany Antsakabary, ny raharaha REHAVANA Michel. Miala tsiny amin'ny namana Polisy izahay. Aleo mitandrina daholo isika rehetra, fa tsy hanao valifaty eto, fa fampiharana ny tany tan-dalàna no hatao eto amintsika.

Nisy koa nangataka ny famindrana ny "Commandant de Brigade" iray ho any amin'ny Distrika misy azy, tao ny nilaza hoe: tokony hajanona ny fanagadrana Zandary. Miankina amin'ny asany no ahafahana mamindra azy na tsia. Tsy azo atao ny manao kiantrano an-trano, fa tsy maintsy ampiharina ny lalàna ho an'izay mandika izany. Tsy maintsy gadraina izay manao ny tsy mety na iza faly na tsia. Roahina izy satria tsy hitahiry jiolahy izahay.

Nanapaka, Ramatoa Filoha, fa tatitra no atao eto fa tsy kabary hiadiana.

Nanao satroka, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, fa ny jeneraly sy ny mpanolotsaina no namitaka ny SEG. Fitarainana sy fanomezana vaovao no nataoko, ka nahoana no avadikareo zavatra hafa. Solombavambahoaka aho no miteny an'izay, fa tsy olona hafa tsy akory.

Fankatelama ny Solombavambahoaka no nataon'Andriamatoa RAVALOMANANA Richard, rehefa nomen'dRamatoa Filoha, fitenenana hamarana ny teniny izy.

Rehefa izany, nilaza, Ramatoa Filoha, fa vita ny tatitra nataon'Andriamatoa Praisinisitra, Lehiben'ny Governemanta sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, fa hiroso amin'ny fametrahan-panontaniana mikasika ny tatitra ny Solombavambahoaka ary izay tsy voavaly dia hovaliana an-tsoratra.

Nilaza Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, tamin'ny satroka nataony, fa raha samy hanangan-tànana ny rehetra; heverina fa efa miroso sahadry amin'ny fametram-panontaniana, koa aleo soratana amin'ny taratasy kely ny anaran'izay handray fitenenana.

Taorian'izay, nanambara, Ramatoa Filoha, fa efa mandroso ny fotoana ka hotohizana ve sa haato kely ny fivoriana satria efa fotoana fisakafoanana izao. Aleo handraisana fanapahan-kevitra ny mikasika izay raha mety ary hatao 3 minitra ny fandraisana fitenenana aorian'izay.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nanaiky fa aato aloha ny fivoriana; Solombavambahoaka miisa 5 no nilaza fa hotohizana izany.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa miato ny fivoriana.

Nentaniny ny Solombavambahoaka rehetra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta mba hamonjy ny toeram-pisakafoanana.

Niato tamin'ny 1 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 3 ora sy 55 minitra, tolak'andro, indray ny fivoriana.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa mitohy ny fivoriana ary hiditra avy hatrany amin'ny fandraisam-pitenenana mikasika ny tatitra nataon'Andriamatoa Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, tamin'ny tapany voalohany ny Solombavambahoaka.

Nohamafisiny, fa efa nisy Solombavambahoaka nanoratra anarana hanao izay fametrahan-panontaniana izay; mialoha izany anefa, handray fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD sy ny GPR ary ny TIM.

Rehefa natao ny fandaminana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD no nisolotena azy ireo, hitondra ny teny fandravonana.

Nambarany fa androany tokoa no fotoana voalahatra hitondran'ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta sy ny Minisitera efatra ny fandaharanasan'izy ireo eto anatrehan'ny Solombavambahoaka sy hamaliana ny fanontaniana napetraka tamin'ny Talata faha-26 Mey 2020, lasa teo.

Notanterahan'izy ireo antsakany sy andavany izany ary nahavelom-bolo tokoa satria inoana fa hanomboka amin'izay ny fampandrosoana tena izy an'i Madagasikara.

Amin'ny alalan'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera telo misy eto anivon'ny Antenimierampirenena no ilazana, fa feno tanteraka ny fanazavana ny tatitra sy ny valim-panontaniana nentina teto anatrehan'ny Solombavambahoaka rehetra. Noho izany, hotaterina any amin'ny vahoaka nifidy anay tsirairay izany rehetra izany.

Nitondra fankasitrahana sy fankatelemana ho an'ny mambran'ny Governemanta ny tenany mba hahavitabe amin'ny adidy sy andraikitra sahanin'izy ireo tsirairay avy.

Rehefa izany, fisaorana no nomen-dRamatoa Filoha, an'Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD, tamin'ny fitondrany ny teny fankasitrahana ho an'ny mambran'ny Governemanta ary nisoloany tena ireo Filohan'ny Vondrona Parlemantera telo.



Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, ka toy izao izany: ny Talata 2 Jona 2020, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny tatitra ataon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny; ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.

Amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisiteran'ny Indostria sy ny Varotra ary ny Asa-tànana, ny Minisiteran'ny Fiompiana sy ny Fambolena ary ny Jono no hanatanteraka izay tatitra izay.

Nanentana ny Solombavambahoaka rehetra ny tenany mba ho tonga mavitrika hanatrika izany fivoriambe izany.

Niato tamin'ny 4 ora sy 5 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona